

4 jiona 2010.

22 Sivan 5770.

Mandehana, ataovy mpianatra ny firenena rehetra

"Ary Jesosy nanatona dia niteny taminy ka nanao hoe: Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy etỳ an-tany, koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo; ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao." (Matio 28: 18-20)

Naverimberina io filazàna io mba hahazoan'ny mpianatra ny tena dikany. Tokony hamirapiratra amin-kery ny fahazavan'ny lanitra eo imason'ny mponin'ny lanitra na lehibe na kely, na manan-karena na mahantra. Tokony hiaramiasa amin'ny Mpanavotra azy ny mpianatra ho amin'ny famonjena izao tontolo izao.

Efa nomena ny roa ambin'ny folo lahy io baiko io raha niseho taminy tao amin'ny efitra ambony i Kristy saingy naverina indray teo anoloan'ny olona marobe izay tafangona niaino Azy teo amin'ilay tendrombohitra tany Galilé talohan'ny nahafatesany.

Natao ho an'ny mpino amin'ny fotoana rehetra mandra-pahatonga ny faranizao tontolo izao ny baiko izay nomeny. Fahadisoana mampidi-doza ny fiheverana fa ho an'ireo mpiasa voatokana irery ihany ny asa famonjena ny fanahy. Ireo rehetra izay nomen'ny lanitra tsindrimandry dia tokony hampiarapeo amin'ny filazantsara. Ireo rehetra nahazo ny fiainana tao amin'i Kristy dia voatokana hiasa ho amin'ny famonjena ny olona mitovy aminy. Ho amin'izany asa izany no nametrahana ny Fiangonana ka izay miditra ao dia manapa-kevitra ampahibemaso noho ho mpiara-miasa amin'i Kristy.

"Ny Fanahy sy ny ampakarina manao hoe: Avia; ary aoka izay mahare hanao hoe: Avia" (Apok 22:17) Izay rehetra nandre ny antso dia tokony hamerina izany. N'ionon'ina raharahanao eto amin'ny fiainana an-tany eto, ny ahiahinao voalohany di tokony ny hahazo fanahy ho an'i Kristy. Na dia tsy manan-talenta hiteny eo anoloan'ny vahoaka aza ianao dia afaka miresaka amin'ny olona iray hampita azy ny fampianaran'ny Mpamonjy. Ny asa dia tsy hoe toriteny fotsiny ihany. Eo koa ny fanalefahana ny fanaintainan' ny marary; ny fanampiana ny sahirana; ny fanomezana teny mampahery ny reraka sy osa eo amin'ny finoana. Na any lavitra any na eto akaiky eto dia misy olona milanja ny vesatry ny fahotàna.

Tsy ny zava-tsarotra na ahiahy na ny fahantrana no tena manimba ny olona fa ny faharatsiana, ny fahotàna. Io no mitondra ho amin'ny aretina sy fisorisorenana. Irin'i Kristy raha mitondra vonjy ho an'ireo fanahy tratran'ny aretin'ny fahotàna ny mpianany.

Ilay didy manao hoe: **"Mandehana any amin'izao tontolo izao"** dia tokony ho tsy very anjavony. Hasaina isika hanopy lavitra ny mason-tsika. Narodan'i Kristy ny rindrina mampizara, ny hevi-masaka mampisaraka ny firenena ka mampianatra antsika Izy ho tia ny fianakaviamben'ny olombelona rehetra. Manandratra ny olona Izy hioatra ny faritry ny fitiavan-tena izay napetrak'izy ireo: **Fafàny ny fitsitokotokoana ara-piaraha-monina. Tsy misy mahasamy hafa azy ny mpifanolo-bodirindrina sy ny vahiny, ny namana sy ny fahavalo. Mampianatra antsika Izy fa ny atao hoe rahalahy dia izay rehetra mila fanampiana ka izao tontolo izao no sahan'asan-tsika.**

Tsy nanome baiko fotsiny Kristy fa nilaza ny hafatra ho lazaina koa. Ampianaro izao tontolo izao hoy Izy" hitandrina izay rehetra nandidiako anareo" Izay rehetra nampianarin'i Kristy, tsy izay voalazany manokana ihany fa hatramin'ny nambaran'ny mpaminany sy ny mpampianatra tao amin'ny Testamenta taloha, dia tokony hampianarin'ny mpianany avokoa. Tsy tafiditra ao ny fampianaran'olombelona. **Tsy misy toerana ho an'ny fomban-drazana na petra-kevitra na tolo-panazavàn'olombelona na fehezan-dalàm-piangonana ao.**

Ny fahazoan'antoka fa manatrika ny fiangonany Kristy, dia rehefa manatanteraka ny asa nankinina taminy ny mpianatra. **"Mandehana hoy Izy ataovy mpianatra ny firenena rehetra.. ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao"** Iray amin'ireo fepetra ilaina hahazoana ny hery avy amin'i Jesosy dia ny mandray eo aminy ny ziogany. Miankina amin'ny fahatokiana amin'ny fanaovana ny asan'ny Tompo ny fahaveloman'ny fiangonana. Raha atao tsinontsinona io asa fitoriana io dia mampiomana tsy misy fisalasalàna amin'ny halemena ara-panahy sy fitotongàna isika. Mihamalefaka ny fitiavana ary mihamalemy ny finoana eo amin'ny toerana iray izay tsy misy fihetsiketsehana mahery vaika ho amin'ny fanompoana ny hafa.

Ellen G. White *Jésus Christ* Chapitre 86

